


Ny Fenitr'Andriamanitra momba ny Fisakaizana

Sakaizan'i Kristy aho



Manambara ny Tenin'Andriamanitra Dries Du Plessis Dries Du Plessis

Indrisy, eto amin'izao tontolo izao ankehitriny, ny teny hoe sakaiza dia efa nihena. Lasa teny mora vidy izany, ary mety ho zavatra mora ny fisakaizana. Tiako ho fantatrao anefa fa tsy niova ny fenitr'Andriamanitra ny fisakaizana. Amin'Andriamanitra, ny fisakaizana dia mifototra amin'ny fanoloran-tena amin'ny fanekena. Lasa sakaizan'Andriamanitra i Abrahama, tamin'ny alalan'ny fanoloran-tena amin'ny fanekena. Eo ambanin'ny fanekena vaovao, dia tian'i Jesosy ny hitondra antsika ao amin'ny fifandraisana miaraka Aminy — amin'ny maha-Sakaizany antsika— izay nidiran'i Abrahama tao anatin'ny fanekena taloha.

Ao amin'ny Jaona 15:15, Jesosy dia nilaza tamin'ny M,pianany hoe:

> "Tsy hataoko hoe mpanompo intsony hianareo, ...fa efa nataoko hoe sakaiza hianareo,"

Fisondrotana izany, manomboka amin'ny maha andevo tonga ho lasa sakaiza. Mila takatsika anefa fa, tsy mora ny fisakaizana toy ny tamin'i Abrahama. Misy vidiny izany hoe sakaizan'i Jesosy izany. Amintsika, ny fototry ny fisakaizana amin'i Jesosy dia mitovy amin'ny an'i Abrahama. Fanoloran-tena amin'ny fanekena izany. Efa handeha hanolotra ny Ainy ho antsika i Jesosy rehefa Izy nilaza hoe:

> "Tsy misy manana fitiavana lehibe noho izao, dia ny manolotra ny ainy hamonjy ny sakaizany" (Jaona 15:13)

Tsarovy anefa, fa raha te ho sakaizan'i Jesosy isika, dia tsy maintsy mahafoy ny aintsika ho Azy. Fanoloran-tena roa tonta izany.

Misaotra Anao, Jesosy ô, fa nanavotra ahy Ianao. Manambara aho fa satria Jesosy nanolotra ny Ainy ho ahy, dia hanolotra ny aiko ho Azy aho, satria sakaizan'i Kristy aho, amin'ny anaran'i Jesosy Kristy, Amena.

© 2008 - Dries Du Plessis

Fivoriana fampaherezam-panahy ★

Fandikana: WD-B097-169-MLG

Nohavaozina farany: 13 Oct 2026

Tranokala: Derekprince.com/mg/resources



© 2008 - Dries Du Plessis